


Mora tokoa no miteny ho an’ireo miseho mahalala nefa na ny tantarany manokana aza tsy misy ho resahiny ireo ho an’ny tanarany. Ka ny an’ny hafa no ezahiny somparana hatrany. Azy ireo ny azy fa raha mikasika ny Amiraly Didier Ratsiraka dia ao anatina rakibolana maro ny anarany, ary fa hatry ny ela. Fa ny anaranareo miseho lalin-tsaina ireo, mba aiza ? Afaka taona vitsy dia adino tanteraka, ny sasany moa tsy sahy mampiasa ny anarana nomen’ny ray aman-dreniny akory… Kanosa mihevitry ny tsy ho tatry ny aloka e.

Lasa tsy hiverina eto an-tany intsony i Didier Ignace Ratsiraka, ny 28 marsa 2021. Inona marina moa ny làlana nodiavin’izany lehilahy izany ? Ity ny tantaran’ireo dingana nandalovany, ivelan’ny fitondrany ny Repoblika malagasy nandritra ny 22 taona mahery

Ny 4 novambra 1936 izy no teraka tao Vatomandry. Faralahy amina mpiray tampo miisa folo izy. Tao Moramanga izy no nanomboka nanaraka ny fampianarana fanabeazana fototra (« *études primaires* »). Avy eo notohiziny tao amin’ny sekolin’ny masera ao Ambatondrazaka sy tao amin’ny sekolin’ny Sefrera ao Toamasina. Ny dingana faharoa na *«études secondaires »* dia tao amin’ny Kolejy Masindahy Misely ao Amparibe ny notontosainy.

Tany Frantsa izy no nandranto fianarana ambony (« *études supérieures* »). Ny volana Febroary 1955 izy no niainga avy teto Madagasikara tamin’ny alalan’ny sambo *« Pierre Loti »* ary tonga tao amin’ny seranan-tsambon’i Marseille ny volana manaraka, izany hoe marsa 1955. Ny ray aman-dreniny no nitrosa mba nanohizany ny fianarany tany ampita, satria tsy nizaka izany zom-pirenena frantsay izany izy. Tao amin’ny Lycée ao Montgeron, tanàna atsimon’i Parisy i Didier Ratsiraka no nanohy nianatra ary tao izy no afaka baccalauréat dinga voalohany.

Io no nafahany niditra tao amin'ny kilasy famaranana ( *«Terminale»* ) sokajy *«Mathématiques élémentaires modernes»* , tao amin'ny Lycée Henri IV ao Parisy. Ary rehefa tadiditra tao amin'ny sokajy *« Mathématiques supérieures et Mathématiques spéciales »* izy, noho ny vokatra tsara vitany, dia tapaka ny heviny fa hanao miaramila izy, ary hanao tatsambo no finidiny.

Ny taona 1960 dia tafiditra tao amin'ny École Navale de Lanvéoc Poulmic de Brest (Finistère) izy, ary dia rehefa nahazo ny laharana faharoa tamin'ny vondrona (*«Promotion»*) nisy azy i Didier Ratsiraka dia nobatainy ny diplaoma maha *«Ingénieur de l'École Navale»* azy ka lasa nitondra ny grady *«Officier de Pont»* izy.




**[VIDEO TENY IAVOLOHA ETO](#)**

Ny 13 desambra 1963 dia nanambady an'i Ramatoa kely Céline Velonjara i Didier Ratsiraka. Tao amin'ny fiangonana katolika Ambatonilita Antananarivo izany fanambadiana izany no nohamasinin'ny Monsenera Armand Gaëtan Razafindratandra, izay mbola pretra tsotra

tamin'izany fotoana izany. Efatra ny zanak'i Céline sy Didier, dia : Olga, Sophie, Annick sy Xavier Velonsoa, ary dimy ny zafikeliny : lahy efatra, vavy iray.

Ny taona 1965, dia tao amin'ny *«École des Officiers de Transmission électronique »* any Toulon izy no nahazo ny diplaoma maha
*«Ingénieur Breveté des Transmissions»*
azy. Dimy taona taorian'io, izany hoe ny taona 1970, dia tafiditra tao amin'ny
*«École Supérieure de guerre navale»*
ao Parisy izy ary nibata ny diplaoma
*«Brevet d'études militaires*
*supérieures*
(BEMS)
*»*
nomen'ny tao amin'io sekoly ambony ara-miaramila io, ny taona 1972. Fa nianatra tao amin'ny Sorbonne koa ny lehilahy ary nanaraka ny
*« filière Droit, Économie politique et Institutions financières internationales »*
. Ho an'izay tsy mahalala dia izany Sorbonne izany dia toerana misy oniversite miisa valo (8) mitondra io anarana io, izay nalaina tamin'ny anaran'i Robert de Sorbon, olom-piangonana (
*«Chapelain»*
) teo ambanin'ny fiahian'ny mpanjaka frantsay Saint Louis, tamin'ny taon-jato faha-III. Ireto avy izany oniversite izany, amin'izao vaninandro izao : Université Paris I Panthéon-Sorbonne ; Université Paris 3 – Sorbonne Nouvelle ; Sorbonne Université ; Université de Paris ; Sorbonne Universités ; Sorbonne Paris Cité ; Hautes etudes-Sorbonne-Arts et Métiers (Hésam).

Taorian'ny raharaha 13 mai 1972 dia voatendry ho minisitry ny Raharaham-bahiny tao anatin'ny gouvernemanta tetezamitan'ny Jeneraly Gabriel Ramanantsoa ny Capitaine de corvette Didier Ratsiraka izay 36 taona monja. Marihina fa *«attaché militaire»* tao amin'ny Masoivohon'i Magasikaraka ao Parisy izy talohan'ny nanendrena azy ho minisitry ny Raharaham-bahiny. Ny 11 Februoary 1975, rehefa maty nisy namono ny Kolonely Richard Ratsimandrava dia anisan'ny miaramila ambony grady nandrafitra ny
*«Directoire militaire»*
izy.
Ny 15 Jona 1975 dia nisy ny fitsapan-kevimbahoaka nanoloana ny Lalampanorenanan'ny Repoblika voalohany hidirana amin'ny Repoblika faharoa. Rehefa lany ny
*« Eny »*
dia lasa Filoha voalohan'ny Repoblika malagasy faharoa i Didier Ratsiraka izay nantsoina ihany koa hoe Deba ary koa
*«Amiraly mena»*
taty aoriana. Ny antony dia satria ilay antoko Arema (Antoko revosionioneran'i Madagasikara) natsangany, dia nirona kokoa tamin'ny foto-kevitra marxiste ary Boky mena no anaran'ilay boky mirakitra ny Satan'ny revolisiona sosialista malagasy
*(«Charte de la révolution socialiste malgache»*

).

In-droa miantaona no naha filoham-pirenena voadify azy ary raha totalina dia nandritra ny 22 taona mahery izany. 1) 15 Jona 1975 - 27 marsa 1993. Izany hoe : 17 taona, 9 volana sy 12 andro ; 2) 9 Febroary 1997 - 5 Jolay 2002. Izany hoe  5 taona : efa-bola sy 26 andro. Izany hoe 22 taona sy 12 volana sy 38 andro nitondrana.

Ny 28 marsa 2021, tamin'ny 6 ora sy sasany maraina no nodimandry tao amin'ny hopitaly miaramila (Homi) ao Soavinandriana Antananarivo ny Amiraly Didier Ratsiraka. Ny ampitsony, ny 29 marsa 2021 izany, dia nasitrika ao amin'ny Fasan'ny Mahery Fo na Mausolée, izay naoriny, etsy Avaratr'Ambohitsaina Antananarivo, izy rehefa nanaovana fara-veloma teny amin'ny Lapam-panjakanan'Iavoloha izay natsangany ihany koa, teo anelanelan'ny taona 1975 sy 1981.

Raha hiverenana kely ny mikasika ny Mausolée dia naorina tamin'ny taona 1977 art anisan'ireo mahery fon'ny firenena malagasy misitrika ao dia singanina ry Jean Ralaimongo, Tia tanindrazana nitolona nanohitra ny fanjanahana frantsay ;  Joël Rakotomalala, Praiminisitrateo aloha ; Pierre Rajaonah, Minisitry ny Fampandrosoana ny any ambanivohitra ; Kolonely Alphonse Rakotonirainy, Lehiben'ny Etamazaorin'ny Tafika malagasy ; Amiraly Guy Sibon, Minisitry ny Fiarovam-pirenena te aloha…

Nety ve sa tsy nety ny fitondrany ny Firenena malagasy ? Maro ny voasoratra ny momban'izany, be no afaka jerena ao amin'ny Internet satria ny lasa tsy fanadino. Raha izaho manokana dia misimisy ihany ny lahasoratra nosoratako nanakiana ny fomba nitondrany satria tamin'izany aho dia efa mpanao gazety fa tsy arakarak'ireo izay miseho mahalala zavatra nefa mbola tsy teraka akory tamin'ny raharaha 1972 sy 1991. Fa tamin'io taona farany io indrindra, raha tsy nanome baiko ireo federalista naka ahy an-keriny tany Diego, amotsotra ahy ny Filoha Didier Ratsiraka, dia tsy afaka nitantara ireo avy novakinareo eo ambony ireo akory. Mbola tsy nanambady an'i Ramatoa kely Céline no nifankahalala ny fianakavianay satria samy tao amin'ny *«Foyer malgache»* ao Arago, Paris-13, no nipetraka, izy mpianatra ho tatsambo, izahay sy ny papako namita ny fianarany ho dokotera.

I Didier Ratsiraka, tao amin'ny fahatanorany dia tena tia fanatanjahantena ary mpikatroka amin'ireto taranja ireo : baolina kitra, lomany, tenisy ambony latabatra, jùjutsu na koa jiu-jitsu (*« art martial japonais»*
) ary

*«jogging»*
na koa
*«footing»*
.
Nahay nitendry gitara sy nitsoka farara koa izy. Ary nankafiziny ny milalao karatra, indrindra fa ny beloty, niaraka tamin’ny zokiko roalahy dia i Jean-Jack Nelson sy Sylvain José Fabien (efa nodimandry).



**[VIDEO TENY AMIN'NY MAUSOLEE ETO]**

84 taona sy efa-bolana i Deba no niaina teto amin’ity tany fandalovana ity. Midika izany, na tiana na tsia, f’efa akaiky koa ny anjaran-tsika mikasika izany fahafatesana izany. Na covid io na tranga hafa tsy misy mahalala mialoha. Iray ihany ny fanontaniako ary eto ankatoky ny Paska 2021 : inona no lova ho apetrakao ho an’ny firenena, ho an’ny mpiara-belona, ho an’ny fianakavianao, ho an’ny taranakao ? Ny an’ny sasany, satria tia tena sy tia kely loatra, dia ozona sy fankahalana no havelany eto amin’ity tany fandalovana ity ho an’ny taranany. Ary efa voasoratra sy voaray feo sy vidéo ireo nolazainy sy nataony rehetra. *« Moa tsy izany va ? »*.

**Jeannot Ramambazafy - Nivoaka tao amin'ny *"La Gazette de la Grande île"* sabotsy 3 Aprily 2021 koa io lahatsoratra fahatsiraovana an'Itompokolahy Didier Ratsiraka io**



La Gazette - dgi
SABOTSY 3 APRILY 2021
Dossier
www.lagazette-dgi.com 9

# Didier Ratsiraka : tantara marina momba azy tsy misy manana

Mora tokoa no miteny ho an'ireo miseho mahalala nefa na ny tantarany manokana aza tsy misy ho resahiny ireo ho an'ny taranany. Ka ny an'ny hafa no ezahiny somparana hatrany. Azy ireo ny azy fa raha mikasika ny Amiraly Didier Ratsiraka dia ao anatina rakibolana maro ny anarany, ary fa hatry ny ela. Fa ny anaranareo miseho lalintsaina ireo, mba aiza ? Afaka taona vitsy dia adino tanteraka, ny sasany moa tsy sahy mampiasa ny anarana nomen'ny ray aman-dreniny akory… Kanosa mihevitry ny tsy ho tatry ny aloka e.

Lasa tsy hiverina eto an-tany intsony i Didier Ignace Ratsiraka, ny 28 marsa 2021. Iza marina moa ny lalana nodiavin'izany lehilahy izany ? Ity ny tantaran'ireo dingana nandalovany, ivelan'ny fitondrany ny Repoblika malagasy nandritra ny 22 taona mahery

Ny 4 novambra 1936 izy no teraka tao Vatomandry. Faralahy amina mpiray tampo misa folo izy. Tao Moramanga izy no nanomboka nanaraka ny fampianarana fanabeazana fototra (« études primaires »). Avy eo notohiziny tao amin'ny sekolin'ny masera ao Ambatondrazaka sy tao amin'ny sekolin'ny Sefrera ao Toamasina. Ny dingana faharoa na «études secondaires » dia tao amin'ny Kolejy Masindahy Misely ao Amparibe ny nototosainy.

Tany Frantsa izy no nandranto fianarana ambony (« études supérieures »). Ny volana February 1955 izy no niainga avy teto Madagasikara tamin'ny alalan'ny sambo «Pierre Loti » ary tonga tao amin'ny seranan-tsambon'i Marseille ny volana manaraka, izany hoe marsa 1955. Ny ray aman-dreniny no nitrosa mba nanohizany ny fianarany tany ampita, satria tsy nizaka izany zom-pirenena frantsay izany izy. Tao amin'ny Lycée ao Montgeron, tanàna atsimon'i Parisy i Didier Ratsiraka no nohy nianatra ary tao izy no afaka baccalauréat dingana voalohany. Io no nafahany niditra tao amin'ny kilasy fianarana («Terminale») sokajy «Mathématiques élémentaires modernes», tao amin'ny Lycée Henri IV, ao Parisy. Ary rehefa tadiditra tao amin'ny sokajy «Mathématiques supérieures et Mathématiques spéciales » izy, noho ny vokatra tsara vitany, dia tapaka ny heviny fa hanao miaramila izy, ary hanao tantsambo no finidiny.

Ny taona 1960 dia tafiditra tao amin'ny École Navale de Lanvéoc Poulmic de Brest (Finistère) izy, ary dia rehefa nahazo ny laharana faharoa tamin'ny vondrona («Promotion») nisy azy i Didier Ratsiraka dia nobatainy ny diploma maha «Ingénieur de l'École Navale» azy ka lasa nitondra ny grady «Officier de Pont» izy.

Ny 13 desambra 1963 dia nanambady an'i Ramatoa kely Céline Velonjara i Didier Ratsiraka. Tao amin'ny fiangonana katolika Ambatonilita Antananarivo izany fanambadiana izany no nohamasinin'ny Monsenera Armand Gaëtan Razafindratandra, izay mbola pretra tsotra tamin'izany fotoana izany. Efatra ny zanak'i Céline sy Didier, dia : Olga, Sophie, Annick sy Xavier Velonsoa, ary dimy ny zafikeliny : lahy efatra, vavy iray.

Ny taona 1965, dia tao amin'ny «École des Officiers de Transmission électronique » any Toulon izy no nahazo ny diploma maha «Ingénieur Breveté des Transmissions» azy. Dimy taona taorian'io, izany hoe ny taona 1970, dia tafiditra tao amin'ny «École Supérieure de guerre navale» ao Parisy izy ary nibata ny diploma «Brevet d'études militaires supérieures (BEMS)» nomen'ny tao amin'io sekoly ambony ara-miaramila io, ny taona 1972. Fa nianatra tao amin'ny Sorbonne koa ny lehilahy ary nanaraka ny « filière Droit, Économie politique et Institutions financières internationales ». Ho an'izay tsy mahalala dia izany Sorbonne izany dia toerana misy oniversite misa valo (8) mitondra io anarana io, izay nalaina tamin'ny anaran'i Robert de Sorbon, olompiangonana («Chapelain») teo ambanin'ny fiahian'ny mpanjaka frantsay Saint Louis, tamin'ny taon-jato faha-III. Ireto avy izany oniversite izany, amin'izao varinandro izao : Université Paris I Panthéon-Sorbonne ; Université Paris 3 – Sorbonne Nouvelle ; Sorbonne Université ; Université de Paris ; Sorbonne Universités ; Sorbonne Paris Cité ; Hautes etudes-Sorbonne-Arts et Métiers (Hésam).

Taorian'ny raharaha 13 mai 1972 dia voatendry ho ministry ny Raharaham-bahiny tao anatin'ny governemanta tetezamitan'ny Jeneraly Gabriel Ramanantsoa ny Capitaine de corvette Didier Ratsiraka izay 36 taona monja. Marihina fa «attaché militaire» tao amin'ny Masoivohon'i Madagasikara ao Parisy izy talohan'ny nanendrena azy ho minisitry ny Raharaham-bahiny. Ny 11 Febroary 1975, rehefa maty nisy namono ny Kolonely Richard Ratsimandrava dia anisan'ny miaramila ambony grady nandrafitra ny «Directoire militaire» izy. Ny 15 Jona 1975 dia nisy ny fitsapan-kevimbahoaka nanoloana ny Lalampanorenanan'ny Repoblika voalohany hidirana amin'ny Repoblika faharoa. Rehefa lany ny « Eny » dia lasa Filoha voalohan'ny Repoblika malagasy faharoa i Didier Ratsiraka izay nantsoina ihany koa hoe Deba ary koa «Amiraly mena» taty aoriana. Ny antony dia satria ilay antoko Arema (Antoko revolisioneran'i Madagasikara) natsangany, dia nirona kokoa tamin'ny foto-kevitra marxiste ary Boky mena no anaran'ilay boky mirakitra ny Satan'ny revolisiona sosialista malagasy («Charte de la révolution socialiste malgache»).

In-droa miantsona no naha filoham-pirenena voafidy azy ary raha totalina dia nandritra ny 22 taona mahery izany. 1) 15 Jona 1975 - 27 marsa 1993. Izany hoe : 17 taona, 9 volana sy 12 andro ; 2) 9 Febroary 1997 - 5 Jolay 2002. Izany hoe 5 taona : efa-bola sy 26 andro. Izany hoe 22 taona sy 12 volana sy 38 andro nitondrana.

Ny 28 marsa 2021, tamin'ny 6 ora sy sasany maraina no nodimandry tao amin'ny hopitaly miaramila (Homi) ao Soavinandriana Antananarivo ny Amiraly Didier Ratsiraka. Ny ampitsony, ny 29 marsa 2021 izany, dia nasitrika ao amin'ny Fasan'ny Mahery Fo na Mausolée, izay naoriny, etsy Avaratr'Ambohitsaina Antananarivo, izy rehefa nanaovana fara-veloma teny amin'ny Lapampanjakan'Iavoloha izay natsangany ihany koa, teo anelanelan'ny taona 1975 sy 1981.

Raha hiverenana kely ny mikasika ny Mausolée dia naorina tamin'ny taona 1977 art anisan'ireo mahery fon'ny firenena malagasy misitrika ao dia singanina ry Jean Ralaimongo, Tia tanindrazana nitolona nanohitra ny fanjanahana frantsay ; Joël Rakotomalala, Praiminisitra teo aloha ; Pierre Rajaonah, Minisitry ny Fampandrosoana ny any ambanivohitra ; Kolonely Alphonse Rakotonirainy, Lehiben'ny Etamazaorin'ny Tafika malagasy ; Amiraly Guy Sibon, Minisitry ny Fiarovam-pirenena te aloha…

Nety ve sa tsy nety ny fitondrany ny Firenena malagasy ? Maro ny voasoratra ny momban'izany, be no afaka jerena ao amin'ny Internet satria ny lasa tsy fanadino. Raha izaho manokana dia misimisy ihany ny lahasoratra nosoratako nanakiana ny fomba nitondrany satria tamin'izany aho dia efa mpanao gazety fa tsy arakarak'ireo izay miseho mahalala zavatra nefa mbola tsy teraka akory tamin'ny raharaha 1972 sy 1991. Fa tamin'io taona farany io indrindra, raha tsy nanome baiko ireo federalista naka ahy an-keriny tany Diego, amotsotra ahy ny Filoha Didier Ratsiraka, dia tsy afaka nitantara ireo avy novakinareo eo ambony ireo akory. Mbola tsy nanambady an'i Ramatoa kely Céline no nifankahalala ny fianakavianay satria samy tao amin'ny «Foyer malgache» ao Arago, Paris-13, no nipetraka, izy mpianatra ho tantsambo, izahay sy ny papako namita ny fianarany ho dokotera.

I Didier Ratsiraka, tao amin'ny fahatanorany dia tena tia fanatanjahantena ary mpikatroka amin'ireto taranja ireo : baolina kitra, lomano, tenisy ambony latabatra, jiujitsu na koa jiu-jitsu («art martial japonais») ary « jogging » na koa «footing ». Nahay nitendry gitara sy nitsoka farara koa izy. Ary nankafiziny ny milalao karatra, indrindra fa ny beloty, niaraka tamin'ny zokiko roalahy dia i Jean-Jack Nelson sy Sylvain José Fabien (efa nodimandry).

84 taona sy efa-bolana i Deba no niaina teto amin'ity tany fandalovana ity. Midika izany, na tiana na tsia, f'efa akaiky koa ny anjaran-tsika mikasika izany fahafatesana izany. Na covid io na tranga hafa tsy misy mahalala mialoha. Iray ihany ny fanontaniako ary eto ankatoky ny Paska 2021 : inona no lova ho apetrakao ho an'ny firenena, ho an'ny mpiara-belona, ho an'ny fianakavianao, ho an'ny taranakao ? Ny an'ny sasany, satria tia tena sy tia kely loatra, dia ozona sy fankahalana no havelany eto amin'ity tany fandalovana ity ho an'ny taranany. Ary efa voasoratra sy voarny feo sy vidéo ireo nolazainy sy nataony rehetra. «Moa tsy izany va ? ».

**Jeannot Ramambazafy**